NY TENY FIAINANA

"Tsy misy fiadanana ho an'ny ratsy fanahy, hoy Jehovah."
Isaia 48:22

Ny Valosoa sy hadihady

Politikam-pampandrosoana

Tsy mihetsika amin'ny toerany na mihemotra mihitsy i Madagasikara

Ny fahitana ny zava-misy eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao eo amin'ny lafiny fitantanam-pirenena dia maneho tanteraka fa mbola tena ao anatiny ary ampiainina lalina amin'ny endrika firenena tena mahantra, tsy mandroso na « sous-développé », taraiky amin'ny lafiny maro samihafa i Madagasikara. Ny fahitana sy fahatsapana ny fomba fitantanana ny firenena dia tena maneho miharihary izany. Ny fihetsika sy ny fomba fitenin'ny mpitondra dia porofo mitohoka amin'ny tendany fa firenena toy izany no tantaniny hatramin'izay nahateo amin'ny fitondrana azy. Ny fomba fiheverana sy fandraisana fepetra asehon'ny mpitondra amin'ny toe-javatra sami- hafa amin'ny fitantanam-panjakana na indrindra zava-tsarotra mifandraika amin'ny fiainambahoaka dia mamaritra mazava, fa tsy hita mihitsy ny fiaingàn'ity firenena ity hiàla amin'ny toerana mampihitsoka azy sy mihazona azy amin'ny laharana rambony maneran-tany.

Tsy mandroso na mihemotra mihitsy aza i Madagasikara hatreto. Ny toe-tsain'ny mpitondra no itarafana voalohany izany. Mihevitra ny vahoaka entiny hatrany ho toy ny zaza bado ny mpitondra amin'ny alalan'ny fihetsika na fiteny; manao tian-kano tsy tian-kano ny omeny ny vahoaka na dia ambilom-bazana aza no atolony, izay ambarany ho fitsinjovana azy ireo; tsy izay andrasan'ny vahoaka maika no tanterahiny ao anaty fotoana fohy fa zavatra hafa mahamaika sy ifotoran'ny mpitondra, ohatra: ny colisée eny amin'ny lapan'i Manjakamiadana; hanao tramway sy ny fiara Gasycar, sns... Fanampin'ireo ny fametrahana ny toeran'ny antoko mpanohitra sy ny fahalalahana maneho hevitra mbamin'ny asa fanaovan-gazety, izay tena saro-toerana tokoa.

Tsy mandroso na mihemotra mihitsy aza i Madagasikara hatreto. Ny toerana misy ny vahoaka sy ny fiainany izany no endrika faharoa isehoan'izany. Zarina hatrany sy iniana hitoetra hatrany hanana toe-tsaina zaza ny vahoaka eo amin'ny seha-panabeazana azy, hany ka ambany ny lentam-pahatsapana ho olom-pirenena tompon'andraikitra. Miharihary izany rehefa nasaina mandray andraikitra sy hiara-hientana izy amin'izao ady amin'ny valanaretina coronavirus izao. Dia avy eo indray lazaina ho mafy loha sy maditra. Zarina hatrany ny hiainany sy hahari-pery azy miatrika fahasahiranana sy fahantrana, ka alentika ao antsainy mandrakariva fa tsy mora ny manarina ny firenena, na manao zavatra, na ny fanelingelenan'ny mpanohitra ny fitondrana tsy ahafahana mampandroso ny firenena. Izay fanabeazana azony izay no mamaritra ny fomba fiainana manontolo andavanandro eo anivom-piaraha-monina eo, ka tsy hita taratra izay fivoarany ho amin'ny tsara kokoa sy ny finiavana hikatsaka izany marina. Dia iaraha-mahita ny vokatr'izany ary iaraha-mitanty ny vokany araka izay sehatra tandrify azy.

Toetra mampiavaka ny firenena tsy mandroso "sous-développé"sy tena mahantra eto amin'izao tontolo izao izany. Madagasikara dia tena ao anatin'izany tanteraka amin'izao, ary miendrika hazonina amin'izany toerany izany izy raha ny fahitana ny zava-misy. Mazava loatra fa misy mahazo tombontsoa sy miaro tombontsoa manokana matoa iniana tsy alàna ao anatin'izany ny firenena, na ihany koa mody sarihina hiàla dia averina amin'ny toerany teo aloha ihany avy eo. Politika maloto izany ary heloka bevava "haute trahison" atao amin'ity firenena sy vahoaka mahantra ity.

Sôh'son

Fiarakaretsaka

Misy ireo sahirana amin'ny fanarahana isan'andro ny famendrahana fanafody

Tsy maintsy manao ny famendrahana fanafody isan'andro amin'ny fiarany ireo mpitondra taxi, na fiarakaretsaka eto andrenivohitra sy ny manodidina. Rehefa avy miàsa maraina na ambadiky ny amin'ny 2 ora tolakandro ao anaty fotoana manokana hitaterana marary izy ireo no voalaza ho tsy maintsy manao izany. Misy vitsivitsy ireo toerana natokana hatonina hanatanterahana izany toy ny eny Ambohijatovo sy ny eny Andohatapenaka. Ny kaomina Antananarivo renivohitra no voalaza ho miandraikitra ny famendrahana fanafody amin'ny taxi, ary misy ny fanaraha-maso ireo miasa manao fitaterambahoaka.

Teny rehetra teny anefa nandrenesana fa misy ihany ireo mpitondra taxi no sahirana manatanteraka izany. Eo aloha ilay fotoana lava lany eo ampiandrasana laharana izay mety maharitra ora maromaro mihitsy araka ny filazan'izy ireo. Voafetra ny ora iasàna izay hatramin'ny roa ora tolakandro ihany ho an'ny mpitatitra rehetra amin'io sehatra io. Tsy dia misy firy anefa ny olona mandeha taxi noho ny tsy fananam-bola vokatry ny fahasahiranana sy fahantrana, tsy misy firy ny "course", ka indraindray efa akaikin'io ora voafetra io vao mahita mpandeha. Raha somary lasa lavidavitra ireo toerana voatokana hanaovana famendrahana fanafody dia tena sahirana tokoa izay tratr'izany mamonjy ny toerana. Misy araka izany ny mety tsy fahatongavana eny antoerana, ka ny hany ataon'ny sasany dia izay eo am-pelatanana aloha no hanaovana fanadiovana ny fiara fa ampitso miezaka manao. Tsikaritra tamin'ny resaka nifanaovana, fa tena mahatsapa ny maha-zavadehibe izany famendrahana fanafody amin'ny fiarany izany izy ireo manoloana izao fihanaky ny valanaretina coronavirus ankehitriny eto amin'ny firenena, indrindra eto andrenivohitra sy ny manodidina izao.

Marihina, fa tsy afaka mampitombo ny sarandalana izy ireo na dia eo aza ny olana sedrainy noho ny fahasahiranan'ny vahoaka. Indraindray aza mahatsiaro ho matiantoka mihitsy fa latsaka amin'ny saran-dalana tokony ho izy no iangavian'ny mpandeha, ka voatery manaiky tsy fidiny.

Radafy

POLITIKAN'NY FITONDRANA

Tsy mifanaraka ny lazain'ny vava sy ny ataony

Mitriatra atsy mitriatra aroa ny zotra politikan'ny fitondrana ankehitriny manoloana ny ady amin' ny fihanaky ny valanaretina covid-19. Izay napetraka taloha nitabatabàna navelavela, ny nofaritana sy nidedahana tany am-piandohana ho fisorohana ny idiran'ny valanaretina fa hoe efa vonona hiatrika izany nampanginginina; ny nanaovana fihetsiketsehana be nilazàna fa manana ny paik'ady iadiana amin'ny valanaretina efa tafiditra toy ny soratra eny amin'ny tabilaon'ny lakilasy voafafa matetika; ny tetika taterina isan'andro ankehitriny fa efa tsy tàna intsony izy ity, iaraha-mahita sy miaina mitombo isan'andro ny tranga vaovao ary mihazakazaka, mety hiova rahampitso.

Etsy ankilan'izany ady ara-pahasalamana izany, ny politika ara-tsosialy ho fihazonan'aina ny vahoaka mihatsy marin-toerana. Nitabatabàna ny iray hetsy tany ampiandohana, izao lasa telo alina sisa. Efa misy aza ny manahy maminavina ho lasa dimy arivo sy iray alina io amin'ny andiany fahatelo. Enga anie hijanona ho ahiahy ihany izany ary sanatriavina. Ny vary iray gony sy menaka iray litatra sy samihafa marobe ho an'ny mpitatitra sy sokajin'olona vitsivitsy tany am-piandohana nilatsaka ho antsasany raha misy ho an'ny taty aoriana, ary nisy tsy nahazo na kely aza (anisan'izany ireo mpanao gazety marobe, aman-jatony, niandry teny amin'ny biraon'ny faritr'Analamanga taorian'ny pentekôsta).

Ankoatra ireo, maro ny fampanantenana nofaritan'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina ary nanaovana teny mampandry adrisa, fa hotanterahiny entina hampandrosoana ny firenena. Nisy ny tany amin'ny fotoanan'ny propagandy, nisy ny nandritry ny fitondrana izao. Tsy hita mazava intsony ny fanatanterahana izany indrindra ireo nambara ho laharam-pahamehana. Ny vola fanampiana avy any ivelany anefa nidedahana fa nitombo noho ny fahaizana mitantana sy madio. Lojika ve izany? Ny lazain'ny vava toa tsy mifanaraka amin'ny zava-misy marina hita sy iainan'ny vahoaka Malagasy. Ho an'ny mpamakafaka, toy ny tsy fifehezana intsony ny valanaretina ankehitriny, dia toy izany koa izao no hita amin'ny fifehezana ny lafiny politika amin'ny fitantanam-pirenena, tsy voafehy koa.

Sôh'son

TONONKALO

IRAY HETSY NIDINA HO TELO ALINA ?

Toa tena naidina ambany dia ambany
Ilay hoe vatsy tohana natao ho toky ?
`Zahay `ty toa tena milentika hatrany,
`Nareo toa miletra , tsy mahalala voky !

Tsy nety voatana ilay hoe "iray hetsy",
Fa dia nitotongana ho "maizina telo" ?
`Nareo ry mpitondra aza dia fetsifetsy,
Jereo re `zahay f`efa mampalahelo !

Ilay hoe "telo alina" anie ka fantaro:
Tsy vidin-tsakafonareo indray miantsena !
Koa dia aza gaga raha toa ny olo-maro,
Mandika an`izao ho fandrebirebena !

Dradraina ho mitobaka ireo fanampiana,
(Satria ny mpamatsy matoky anareo !).
Kanjo ampahany kely no "silisiliana",
Ary itsofa- mozika , ampiakarana feo ?

… Dia mba lasa mankaiza ary izany ny sisa,
Fa te hahafantatra anie ny vahoaka !
Miomàna , miomàna f`izahay « tsy gisa »,
Fa mahay manisa ary hitaky ampamoaka !

TSIMIMALO (20-07-20)